Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 24/07/2021 hatramin'ny 31/07/2021

- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 12 714 17

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1190-07-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

INSTAT

Atao ambanin-javatra ireo mpiasa « de droit privé »

Ny INSTAT etsy Anosy.

Mitaraina amin' izao fotoana ireo mpi-asa antsoina hoe « de droit privé » ao amin'ny INSTAT, na ny Ivontoeram-pirenena momba ny Statistika, fa ataon'ny mpitondra ambanin-javatra izy ireo, na samy mitovy ihany aza ny fari-pahaizan'izy ireo sy ireo mpiasam-panjakana dia latsaka ambany ireto mpiasa antsoina hoe « de droit privé » ireto.

Mitalaho ny mba hijerena haingana ny mikasika azy ireo manokana izy ireo. Nisy ny taratasy fangatahana fampidirana ireo mpiasa tranainy, izay efa amam-polo taona niasana farafahakeliny ho mpiasam-panjakana raikitra. Nolazain'ny mpitantana ao anivon'ny INSTAT sy ny minisitera mpiahy misahana ny toekarena sy ny tetibola, fa efa eny anivon'ny fiadidiana ny Praiminisitra ny fanapahana mikasika izany. Taitra sy sanganehana anefa ireo mpiasa voakasika ireo raha nahare tamin'ny filazam-baovao, fa efa mandeha avokoa ny eny amin'ny ministera hafa. Mitaraina ireo mpiasa ireo fa dia tsy mba nisitraka ny volan'ny CNaPS izy ireo hatramin'ny taona 1996. Tsy mba mahazo izany fikarakaràna ny fandaniana ara-pahasalamana sy ny ara-tsosialy izany ihany koa, noho io sata arak'asa mikasika azy ireo io.

Mandray anjara mavitrika amin'ny fampandehanana ny INSTAT anefa ireto mpiasa ireto amin'ny fikirakirana momba ny antontanin'isa, izay ilain'ny firenena tokoa amin'ny sehatra rehetra mihitsy. Tsy maintsy mila statistika avokoa ny departemanta rehetra eto amin'ny firenena hanaovany sy hanatanterahany ny politikany.

Niaina

MNP: Madagascar National Parks

Mitantana valanjavaboahary miisa 27 manerana ny Nosy

Miandraikitra ny fitantanana ireo valanjavaboahary eto amintsika ny MNP, na ny Madagascar National Parks, ho fiarovana ny tontolo iainana: biby sy zava-maniry mampiavaka an'i Madagasikara any amin'ireny toerana ireny. Ny valanjavaboahary dia isan'ireo karazana « Faritra Arovana » misy eto Madagasikara. Faritra iray an-tanety na an-dranomasina natokana mba hahafahana miaro ireo karazan-javamaniry sy karazam-biby ao aminy. Azo tsidihina ny «Valanjavaboahary » ary ny vola azo amin'ireny mpitsidika ireny no entina mampihodina ny asa fiarovana azy. Anatin'ny fanajana tanteraka ny natiora ny fitsidihana atao, izany hoe natao hanabeazana, hianarana, hitsangatsanganana, hanaovana fizahantany, ka tsy manimba na mandoto ny tontolo manodidina ary manaja ny fomban-tany misy ny mpitsidika. Voarara ary enjehina araka ny lalàna ny fihazana, ny fanapahana hazo, ny fanimbana anaty «Valanjavaboahary». Ny MNP manokana dia mitantana «Valanjavaboahary » miisa 27 manerana an'i Madagasikara, ka ny 8 amin'ireo dia « Valanjavaboahary » an-dranomasina na ahitana faritra an-dranomasona dia ny Valanjavaboahary Nosy Hara, Nosy Tanihely ary Nosy Ve Androaka, Lokobe, Kirindy Mite, Sahamalaza, Masoala ary Mananara.

Aly

Toerana iray hita ao amin'ny Valanjavaboaharin'i Ranomafana Ifanadiana, faritra Vatovavy Fitovinany.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 358



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0357)

Mitsivalana
- Sambo – AV
- Ela – Ony (miv)
- Hetaheta
- Afobe – Sy
- Tatitra
- Rana
- Anaranao

Mitsangana
- Sehatra
- Alefa
- Matotra
- Aby
- Hetra
- IE – Ran(o)
- (H)antsana (BL)

TENY MIFANARAKA **N° 358**



Mitsivalana

1. Tsy fahasalamana – Mampisafidy **2.** Taova – Boribory lalandava (BR) **3.** Alatsinainy hatramin'ny alahady – Mandray **4.** Savoritaka **5.** Tolona – Mpanondro manolotra (miv) **6.** Faly sy miala voly **7.** Be taona **8.** Manambatra – Niasa tanimboly **9.** Dada (miv) – Sakafo – Simba sy masiso (miv) **10.** Toetra ratsy

Mitsangana

A. Andro iray **B.** Namonjy fonenana – Foto-tenin'ny mahay (miv) **D.** Bika – Heno **E.** Tery, voapotsitra – Renirano **F.** Fonenany (miv) – Mpanoritra **G.** Kianteny – Rango-pohy (miv) **H.** Loko **I.** Taranja fianarana **J.** Tohana (BR) – Lapam-panjakana (miv) **K.** Vizana – Tsirin-teny Mpifanao – Hazo maro

Valiny Teny mifanaraka 0357

Mitsivalana

1. Mitampina **2.** Aty - (Adin)ai **3.** Fokonolona **4.** Ady - Vary (miv) **5.** Nianatra **6.** No - RR **7.** Fandriana **8.** Rà - Natao (miv) **9.** Ako - Kilasy **10.** IO - Kaki

Mitsangana

A Mafana - Ray **B.** Ody - Fako **D.** Takiana **E.** Ota (miv) - Nono **F.** Minia - Daka **G.** Kitrotro (miv) **H.** Ralay (miv) - Ilay (miv) **I.** Niova - Ana **J.** RN - ST **K.** Kaporaly